



Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Ampio Izy Ireo eny amin'ilay Lalany Mandeha Mody

Ny fomba tsara indrindra ahafahantsika manampy ireo zanak'Andriamanitra dia amin'ny fanomezana azy ireo fomba hanorenany ny finoany an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny rehefa mbola tanora izy ireo

Ry rahalahy sy rahavavy, ny Raintsika any an-danitra dia maniry sy mila ny fanampiantsika amin'ny fitondrana ny zanany ara-pahy hiverina hody any Aminy indray. Anio aho dia hiresaka momba ireo tanora izay efa ato amin'ny Fiangonany marina ary noho izany dia efa nanomboka nandia ilay lalana ety sy tery miverina mankany amin'ny fonenany any an-danitra. Tiany izy ireo hahazo dieny mialoha ny hery izay ilaina hijanonana amin'ilay lalana. Ary mila ny fanampiantsika Izy amin'ny famerenana faingana azy ireo amin'ny lalana raha vantany vao mitady hanomboka hivao-na izy ireo.

Eveka vao herotreronny aho raha nanomboka nahita mazava ny antony ilan'ny Tompo antsika hanamafy orina ireo ankizy mandritra ny fahatanoran'izy ireo ary hanavotra azy ireo faingana. Holazaiko aminareo ny tantaran'ny tovovavy iray izay santionan'ireo maro izay nezahiko nampiana nandritra ny taona maro.

Nipetraka teo anoloako izy tao amin'ny biraon'ny eveka nisy ahy. Niresaka tamiko momba ny fiainany izy. Natao batisa sy noraisina ho mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny fahavalontanony izy. Tsy nisy ranomaso teo amin'ny masony raha nitantara ny 20 taona nanaraka izany izy, saingy nisy alahelo teo amin'ny feony. Nilaza izy fa ilay lalana nitondra azy tany amin'ny fahotana dia niantomboka tamin'ny safidy ny hifandray tamin'ireo izay noheveriny fa

olona mahafinaritra. Nanomboka nandika ireo didy izay noheveriny ho tsy dia manan-danja loatra izy.

Tamin'ny voalohoany aloha izy dia nahatsapa alahelo sy fahamelohana kely. Saingy ny fiarahana tamin'ireo namany dia nanome azy fahatsapana vaovao hoe tiana ary noho izany dia nanjary nihanihen-danja tsikelikely ny fanapahan-kevitra ny hibebaka izay nananany tsindraindray. Rehefa nitombo ny halalin'ny fandikany ireo didy dia toa nihananjavona ilay nofy hanana tokantrano sambatra mandrakizay.

Nipetraka teo anoloako izy tao antin'ilay antsoiny hoe fahoriana. Naniry izy ny hamonjeko azy avy tao amin'ny fandriky ny fahotana izay hitany fa nangeja azy. Saingy ny hany lalana tokana hahatafavoahany dia ny fampiasana finoana an'i Jesoa Kristy, ny fananana fototoro, ny fibebahana ary dia ho voadio sy voavoa ary hahazo hery amin'ny alalan'ny sorompanavotan'ny Tompo. Nijoro ho vavolombelona taminy aho fa mbola azo atao izany. Ary dia tena azo atao tokoa, saingy sarotra lavitra izany mihoatra noho ny fampiasana finoana tany am-piandohan'ny fiainany eo am-panaovana ilay dia miverina mody any amin'Andriamanitra ary tamin'izy vao nanomboka niala tamin'iny lalana iny.

Noho izany ny fomba tsara indrindra ahafahantsika manampy ireo zanak'Andriamanitra dia amin'ny fanomezana azy ireo fomba hanorenany ny finoany an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny rehefa mbola tanora izy ireo. Ary avy eo dia mila manampy isika amin'ny famelomana faingana indray izany finoana izany alohan'ny hahafatesany raha toa ka miala ny lalana izy ireo.



Noho izany izaho sy ianao dia afaka manantena fahafahana tsy tapaka hanampy ireo mpanao dia lavitra eo anivon'ireo zanak'Andriamanitra. Ny Mpamonjy dia niteny tamintsika ny antony mahatonga izany tamin'Izy namaritry ny maha sarotra ilay dia mody ho an'ireo fanahy zanak'Andriamanitra rehetra ao anatin'ny zavona izay nataon'ny ota sy i Satana:

“Midira amin'ny vavahady ety ianao; fa malalaka ny vavahady ary migo-dana ny lalana izay mitondra mankany amin'ny fahaverezana, ary misy maro ny miditra any;

satria ety ny vavahadyary tery ny lalana izay mitondra mankany amin'ny fiainana, ary vitsy no mahita azy.”¹

Raha nahita mialoha izay ilain'ny zanany ilay Ray any an-danitra be fitiavana dia nametraka torolalana sy mpanavotra eny amin'ny lalana eny izy ireo. Nandefa ny Zanany, Jesoa Kristy Izy mba hahatonga ny lalana ho azo diavina sy mora hita. Niantso ny Filoha Thoma S. Monson izy ho mpaminaniny amin'izao fotoana izao. Hatramin'ny fahatanorany, ny Filoha Monson dia tsy nampianatra fotsiny ihany ny fomba hianonana amin'ilay lalana fa nampianatra ihany koa ny fanavotana ireo izay voatarika ho amin'ny fahoriana.

Ny Ray any an-danitra dia nanendry antsika amin'ny karazan-toerana marobe mba hankahery sy—raha ilaina—hitarika ireo mpivahiny ho any amin'ny toerana azo antoka. Ny andraikitsika manan-danja sy manan-kery indrindra dia ny fianakaviana. Manan-danja izy ireo satria ny fianakaviana dia manana fahafahana any am-piandohan'ny fiainan'ny zaza ny hametraka mafy tsara ny tongotr'izy ireo eo amin'ny lalana miverina mody. Ny ray aman-dreny, ny iray tampo, ny raibe sy ny renibe, ny nenitoa sy ny dadatoa dia lasa mpitarika sy mpanavotra matanjaka kokoa noho ny rohim-pitiavana misy, izay maritry ilay tena toetoetra marin'ny ny fianakaviana iray.

Manana tombony ny fianakaviana mandritra ny valo taona voalohan'ny fiainan'ny zaza. Mandritra ireo taona voaro ireo, noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, dia voasakana ny fampiasan'i Satana ny zavon'ny haizina hanafanana ilay lalana mody. Mandritra ireo taona sarobidy ireo, dia manampy ny



fianakaviana ny Tompo amin'ny fiantsoana mpiasa ao amin'ny Kilonga hanampy amin'ny hanamafisan'orina ny fiainam-panahin'ireo zanany. Manolotra mpihazona ny fisoronan'i Aharôna iha-ny koa Izy mba hizara ny fanasan'ny Tompo. Mandritra ny vavaky ny fanasan'ny Tompo, dia henon'ireo ankizy ny fampanantenana fa indray andro izy ireo dia afaka handray ny Fanahy Masina ho mpitarika azy ireo raha mankato ny didin'Andriamanitra. Ho vokatry izany dia hahazo hery izy ireo hanoherana ny fakam-panahy rehefa tonga izany, ary avy eo any aoriana any, dia hahazo hery hamonjena ny hafa.

Maro ireo eveka ato am-piangonana no mahazo ny fitarihan'ny fanahy hiantso ny olona matanjaka indrindra ao amin'ny paroasy mba hanompo manokana ny ankizy tsirairay ao amin'ny Kilonga. Tsapan'izy ireo fa raha mahazo hery ireo ankizy ireo, miaraka amin'ny

finoana sy ny fijoroana ho vavolombelona dia hihena ny filan'izy ireo famonjena rehefa tonga zatovo izy ireo. Tsapan'izy ireo fa ny fototra ara-panahy matanjaka dia afaka mitondra fiovana eo amin'ny fiainana manontolo.

Afaka manampy avokoa isika rehetra. Ny renibe, sy ny raibe ary ny mpi-kambana tsirairay izay mahafantatra ankizy iray dia afaka manampy. Tsy mila antso ôfisialy ao amin'ny Kilonga izany. Tsy voafetran'ny taona koa izany. Misy vehivavy iray tahaka izany, tamin'izy mbola tanora kokoa, izay tao amin'ny Filankevi-pitantanan'ny Kilonga maneran-tany, ary nanampy tamin'ny famoronana ny teny filamatra hoe Fidio Ny Tsara.

Tsy nety reraka nanompo ny ankizy izy. Nangataka manokana ny hampianatra tao amin'ny kilongan'ny paroasi-ny izy saika hatramin'ny faha 90 taonany. Ny ankizy madinika dia afaka



nahatsapa ny fitiavany azy ireo. Nahita ny ohatra napetrany izy ireo. Nianaran'izy ireo avy taminy ireo fitsipika tsootra ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ary ambonin'izany rehetra izany, noho ny ohatra napetrany dia nianatra nahatsapa sy namantatra ny Fanahy Masina izy ireo. Ary rehefa nahay izany izy ireo dia nanomboka nahazo ny finoana ilaina hanoherana ny fakam-panahy. Hihena ny filan'izy ireo fanampiana ary ho voaomana izy ireo handeha hamonjy ny hafa.

Nianatra ny hery avy amin'ny finoana tsootra ny vavaka sy ny Fanahy Masina aho raha mbola kely ny zanakay. Mbola tsy vita batisa ny lahimatoanay. Ny ray aman-dreniny izay mpampianatra tao amin'ny kilonga sy mpitarika tao amin'ny fisoronana dia niezaka nanampy azy hahatsapa sy hamantatra ny Fanahy sy ny fomba handraisana fanampiana avy Aminy.

Indray tolakandro, nentin'ny vadiko izy ho any amin'ny tranon'ny vehivavy iray izay nampianatra azy hamaky teny. Ny drafitray dia ny hoe izaho no hitse-na azy rehefa mirava avy miasa aho.

Vita aloha noho ny noeritretinay ny fianarany. Nahatoky izy fa hitany ny lalana mody. Ary dia nanomboka nandeha izy. Nitantara izy avy eo fa natoky tanteraka ary tiany ilay izy mandeha irery eny an-dalana. Rehefa nahavita teo amin'ny iray kilaometatra latsaka teo izy dia nanomboka nihamaizina ny andro. Nanomboka nahatsapa izy fa tena mbola lavitra ny trano.

Mbola tsaroany foana fa nanjavona ny jiron'ireo fiara izay nandalo noho ny ranomasony. Nahatsiaro tena ho toy ny ankizy kely izy fa tsy ilay ankizilahy natoky tena intsony izay nanomboka nandeha nody irery. Tonga saina izy fa hoe nila fanampiana. Ary dia nisy

zavatra niverina tao an-tsainy. Fantany fa tokony hivavaka izy. Ary dia niala ny arabe izy ary namonjy vodihazo izay zara raha hitany tao anaty haizina. Ary dia nahita toerana handohalihana izy.

Tao anatin'ilay kirihitraka kely dia afa-ka nandre feo nanatona azy izy. Nisy tanora roa nandre azy nitomany. Raha nanatona izy ireo dia nanontany hoe “Misy hanampianay anao ve?” Tao anaty ranomaso no nitenenany tamin'izy ireo izy fa very izy ary te hody. Nanontanian'izy ireo raha fantany ny lahara an-tariby na ny adiresin'ny tranony. Tsy nahafantatra izy. Nanontanian'izy ireo raha fantany ny anarany. Nentin'izy ireo tany an-tranon'izy ireo izy, izay tsy lavitra teo. Hitan'izy ireo tamin'ny annuaire ny anaran'ny fianavianay.

Vao naharay ilay antso an-tariby aho dia nirohotra hamonjy azy ireo, feno fankasitrahana aho fa nisy olona tsara fanahy napetrak'Andriamanitra teny amin'ny lalany handeha hody. Ary mbola feno fankasitrahana kokoa aho fa nampianarina hivavaka amim-pinoana izy fa ho tonga ny fanampiana raha sendra very. Izany finoana izany dia nitondra fiarovana ho azy ary nitondra mpamonjy ho azy imbetsaka kokoa mihoatra noho izay azony tantaraina.

Ny Tompo dia nametraka fomba famonjena sy mpamonjy maro ao amin'ny Fanjakany. Noho ny fahendreny dia nitarika ny mpanompony ny Tompo hametraka ny fomba an'isan'ny tena mahery vaika indrindra hanamafy orina antsika, ary hametraka ireo mpamonjy tsara indrindra rehefa mandalo ny fahatanorantsika isika.

Mahafantatra fandaharan'asa roa mahery vaika nomen'ny Tompo ianareo. Ny iray izay ho an'ny zatovovavy dia antsoina hoe “Mon progrès personnel”. Ny iray hafa dia ho an'ny mpihazona ny fisoronan'i Aharôna dia ny “Devoir envers Dieu”. Mamporisika ireo tanora ao amin'ny taranaka vao misondrotra aho hahita ny hery anatin'izy ireo hahafahan'izy ireo hanorina hery lehibe ara-panahy. Ary mitalaho amin'ireo izay miandraikitra ireo tanora ireo izahay mba hitsangana hanakatra izay takian'ny Tompo amintsika mba hanampiana azy ireo. Ary satria ny hoavin'ny Fiangonana dia miankina amin'izy ireo dia tompon'andraikitra avokoa isika rehetra.

Natsaraina ireo fandaharan'asa roa ireo saingy tsy niova ny tanjon'izy ireo. Iza no fomba ilazan'ny Filoha Monson azy: isika dia tokony “hianatra izay tokony hianarantsika, hanao izay tokony hataontsika ary ho tonga amin'izay tokony hahatongavantsika.”²²

Ny bokikely “Mon Progrès Personnel” ho an'ny zatovovavy dia mametraka mazava ny tanjona ho azy ireo: “Ny fandaharan'asa ‘Mon Progrès Personnel’ dia mampiasa ny hasina valon'ireo zatovovavy mba hanampy anareo hahafantatra feno kokoa hoe iza ianareo, nahoana ianareo no eto antany, ary inona no tokony hataonareo amin'ny maha zanakavavin'Andriamanitra anareo mba hiomanana amin'ny andro handehanana any amin'ny Tempoly hanaovana fanekempihavanana masina.”

Ary dia mitohy ny filazana ao anatin'ny hoe ny zatovovavy dia “hanao fanoloran-tena ary hitandrina izany sy hitatitra ny fivoaran'izy ireo amin'ny ray aman-dreny na mpitarika iray”. Ampanantenaina ao ihany koa fa “ny lamina arahanareo rehefa miasa manao ny ‘Mon Progrès Personnel’ ianareo—toy ny vavaka, ny fandalinana ny soratra masina, ny asa fanompoana ary ny fihazonana diary—dia ho lasa fahazarana manokana isan'andro. Ireo fahazarana ireo dia hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelonareo ary hanampy anareo hianatra sy hivoatra mandritra ny fiainanareo manontolo.”²³

Ny fandaharan'asa “Devoir envers Dieu” ho an'ny zatovolahy ao amin'ny Fisoronan'i Aharôna dia namafisina sy notsorina. Hitambatra ao anaty boky tokana izany ho an'ireo anjara fanompoana telo ao amin'ny Fisoronan'i Aharôna. Ny zatovolahy sy ireo mpitarika azy dia hahazo iray amin'io boky vaovao io. Fitaovana mahery vaika izany. Hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelon'ireo zatovolahy sy ny fifandraisany amin'Andriamanitra izy io. Hanampy azy ireo izy io hianatra sy haniry ny hanatanteraka ny andraikitr'izy ireo ao amin'ny fisoronana. Hanamafy orina ny fifandraisany amin'ny ray aman-dreniny izy io, sy amin'ireo samy mpikambana ao amin'ny kôlejiny ary eo amin'ny zatovolahy sy ny mpitarika azy ireo.

Ireo fandaharan'asa roa ireo dia

samy mametraka andraikitra lehibe amin'ny ezaka ataon'ireo tanora samirery. Asaina izy ireo hianatra sy hanao ireo zavatra izay mety ho fanamby ho an'ny olona rehetra. Rehefa mahatsiaro ny fahatanorako manokana aho dia tsy nahatsiaro tena ho niatrika fanamby toy izany. Eny, tamin'ny fotoana sasantsasany dia nasaina aho hanatanteraka zavatra sarotra tahaka izany saingy tsindraindray ihany izany. Ireo fandaharan'asa ireo dia manantena tsy fiovaovana, ezaka lehibe ary fitomboan'ny fahalalana sy ny traikefa arapanahy mandritra ny taona maro lalovana.

Raha nandinika aho dia nahatsapa fa ny ao anatin'ireo boky ireo dia fanehoana ivelany ny fahatokisana hanaan'ny Tompo amin'ny taranaka vao misondrotra ary amintsika rehetra izay tia azy ireo. Ary nahita porofo aho fa tsy diso toerana izany fahatokisana izany.

Rehefa manao fitsidihana aho dia mahita ny kôlejin'ny fisoronan'i Aharôna am-perinasa. Nahita zatovolahy aho izay manaraka fomba fianarana, manao drafitra hanaovana izay tian'Andriamanitra ho ataon'izy ireo, avy eo dia mandeha manatanteraka izay neken'izy ireo hatao, ary mizara amin'ny hafa ny fiovan'izy ireo arapanahy. Ary rehefa nijery sy nihaino aho dia lasa mazava fa maro ireo ray, reny, mpitarika, namana, eny, na mpiara-miangona eo akaiky eo aza, no voakasiky ny Fanahy rehefa maheho tanora mijoro ho vavolombelona momba ny fomba nahatonga azy ireo ho lasa nahazo hery. Ny tanora dia mahazo hery rehefa mijoro ho vavolombelona izy ireo ary toy izany koa ireo izay miezaka ny hanampy azy ireo hijoro.

Ny fandaharan'asan'ny Zatovovavy dia ahitana fomba mahery vaika mitovy amin'izany ihany koa mba hampivoarana ny hery arapanahy ao amin'ny zatovovavy ary hanomezana fahafahana ho antsika mba hahafahana manampy. Ny "Mon Progrès Personnel" dia manampy ny Zatovovavy hiomana handray ireo ôrdônansin'ny Tempoly. Mahazo fanampiana izy ireo avy amin'ny ohatry ny renin'izy ireo, ny reniben'izy ireo ary ny vehivavy marina rehetra manodidina azy ireo ao am-piangonana. Hitako ny

fomba nanampian'ny ray aman-dreny ny zanany vavy iray mba hahatratra ny tanjony sy ny nofiny amin'ny alalan'ny fahitana ireo zavatra tsara rehetra ataony sy ny fanehoana fankasitrahana noho izany.

Vao andro vitsy lasa izay dia nandinika reny iray aho nijoro teo anilan'ny zanany vavy tanora raha samy nandray mari-pankasitrahana'ny vehivavy môde-ly izy mianaka. Ary raha nizara tamiko ny dikan'izany ho azy mianaka izy ireo dia nahatsapa ny fankasitrahana sy ny famporisihan'ny Tompo antsika rehetra aho.

Ao anatin'ireo fanampiana rehetra azontsika omena ireo tanora ireo, ny lehibe indrindra dia ny famelana azy ireo hahatsapa fa mahatoky isika fa eo amin'ny lalana mody any amin'Andriamanitra izy ireo ary afaka mahavita izany izy ireo. Ary ny fomba tsara indrindra azontsika hanaovana izany dia ny miaraka amin'izy ireo. Ary satria sarotra ny lalana ary indraindray miki-toantoana, dia hahatsapa hakiviana izy ireo indraindray, eny hianjera mihitsy aza. Mety hikorontan-tsaina izy ireo indraindray mikasika ny lalana hizorany ary hirenireny hikatsaka tanjona izay tsy manan-danja kokoa ho amin'ny mandrakizay. Ireo fandaharan'asa ireo dia mampihena izany satria izy ireo dia hitarika ny tanora hanasa sy handray ny fiarahan'ny Fanahy Masina.

Ny torohevitra tsara indrindra azontsika omena ireo tanora dia ny hoe tsy ho tafaverina any amin'ny Ray any an-danitra izy ireo raha tsy tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra sy ahitsiny. Koa raha hendry isika dia hamporisika, sy handoka azy ireo ary ho ohatra velon'ny zavatra rehetra izay manasa ny Fanahy ho namana. Rehefa mizara amintsika izay ataony sy tsapan'ny izy ireo dia ilaina ho mendrika ny Fanahy Masina ihany koa isika. Ary dia ho tsapan'izy ireo ny fankatoavan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiderana sy ny tsiky ataontsika. Ary raha te-hanome torohevitra manitsy isika dia ho tsapan'izy ireo ny fitiavantsika sy ny fitiavan'Andriamanitra ao anatin'izany fa tsy ny fanomezan-tsiny sy faniliana, izay manokatra ny lalana ho an'i Satana hitarihana azy ireo hanalavitra kokoa.

Ny ohatra izay tena ilain'izy ireo avy amintsika dia ny fanaovantsika izay tokony hataon'izy ireo. Mila mivavaka isika mba hahazo fanomezampahasoavan'ny Fanahy. Mila mandalina ny soratra masina isika sy ny tenin'ireo mpaminany velona. Mila manao drafitra isika, izay tsy faniriana fotsiny ihany fa fanekempihavanana mihitsy. Ary mila mitandrina ny fampanantenana ataontsika amin'ny Tompo isika. Ary mila manorina ny hafa amin'ny alalan'ny fizarana amin'izy ireo ny fitahian'ny Sorompanavotana izay tonga teo amin'ny fiainantsika.

Ary ilaintsika aseho eo amin'ny fiainantsika manokana ny fahatokiana tsy voahonzongozona sy maharitra izay handrasan'ny Tompo amin'izy ireo. Rehefa manao izany isika dia hanampy azy ireo hahatsapa fanomezan-toky avy amin'ny Fanahy fa raha mitozo izy ireo dia handre ny teny avy amin'ny Tompo sy ny Ray any an-danitra be fitia hoe: "... tsara izany ry mpanompo tsara sady mahatoky; nahatoky tamin'ny kely ianao ary hotendreko ho mpanapaka ny be; midira amin'ny fifalian'ny tomponao."⁴ Ary isika izay manampy azy ireo eny an-dalana dia haheno izany teny izany amim-pifaliana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tia anareo sy ny zanak'Andriamanitra tsirairay ny Tompo. Ity no Fanjakany naverina tamin'ny laoniny miaraka amin'ny fanalahidin'ny fisoronana tamin'ny alalan'ny mpaminany Joseph Smith. Thomas S. Monson no mpaminanin'ny Tompo ankehitriny. Mampanantena ny tsirairay aminareo aho fa raha manaraka ny fitarihana netanim-panahy ato amin'ity Fiangonana marin'i Jesoa Kristy ity ianareo, dia afaka ho tonga soa aman-tsara any amin'ny fonenantsika miaraka amin'ny Ray any an-danitra sy ny Mpamonjy ireo tanorantsika sy isika izay manampy sy tia azy ireo mba hiaina miaraka amin'ny fianakaviana sy amim-pifaliana mandrakizay. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. 3 Nefia 14:13-14.
2. Thomas S. Monson, "To Learn, to Do, to Be," *Liabona*, Növ. 2008, 30.
3. *Young Women Personal Progress* (booklet, 2009), 6.
4. Matio 25:21.